


ALAHADY FAHA-8 MANDAVANTAONA D 2025



NY TENY LAZAINA NO AMANTARANA NY FO

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo Alahady faha-7 mandavantaona dia nandinika sy nandalina isika ny momba ny fifandraisantsika samy isika ka napetraka ho fototr'izany fifandraisana izany ny famindram-po sy ny famelan-keloka hanahafantsika an'i Kristy

Vakiteny I Ekl. 27, 4-7

Tononkira : Salamo 91

Vakiteny II : 1 Kôr. 15, 54-58

Evanjely : Lk. 6, 39-45

hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona, hampanjaka ny marina ao anatin'ny fanetren-tena, rehefa manjaka tokoa ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka dia ho hisy tokoa ny tena fihavanana marina fa tena fihavanana

mifototra amin'ny fahamarinana izany hoe fihavanana sady kristianina no Malagasy ary tsy anatin'ny henamaso na fihatsaram-belatsihy. Izany fihavanana sady Kristianina no Malagasy izany no tena marina satria ao amin'Andriamanitra izay mitondra antsika amin'ny tena fiadanana sy fandriam-pahalemana izay irintsika mafy tokoa amin'ny fiainana andavanandro eo anivon'ny fiainan'ny fiaraha-monina, ny firenena sy izao tontolo izao.

Amin'izao Alahady faha-8 mandavantaona izao dia mananatra antsika amin'ny fifandraisantsika andavanandro ireo vakiteny telo aroson'ny Eglisy satria mifototra amin'ny teny ataantsika izany, izay ambarantsika no hahafantarana antsika, ny teny ataantsika no maneho ny maha antsika antsika ary izay no mahatonga an'i Jesoa milaza fa tsy ny miseho ety ivelany no maharatsy antsika fa ny avy ao anatintsika. Ny teny no manambara ny ao anatintsika ao, io teny io no amborahantsika ny fontsika, ny maha antsika antsika ety ivelany. Ny teny no maneho ny toetrantsika, Md Jakoba milaza fa sambatra izay mahafolaka ny lelany satria amin'izay dia ao anatin'ny fahamarinana, ao anatin'ny fahatsorana afaka mifandray amin'ny

olona tsara izy. Tsy anatin'ny henamaso na fihatsaram-belatsihy fa anatin'ny fahamarinana. Ny fahendrena Malagasy koa dia milaza fa mbola mora ny mitondra tehina (tongoza hoy isika avaratra) toa izay ny mitondra teny. Araka ny fantatsika koa fa ny teny ny miantoka ny fifandraisana.

Manakaraka izany matetika no mivolana amintsika fa diso ity teny ataon'olona ity hoe "toute vérité n'est pas bonne à dire", sanatria izany satria mifanohitra amin'ny fampianaran'i Jesoa, amin'ny fampianaran'ny tenin'Andriamanitra satria tsy maintsy manambara ny marina isika ary indrindra ny Tenin'Andriamanitra milaza ny marina. Tsy maintsy lazaina ny marina rehetra fa ny fomba ilazana azy sy ny toerana ilazana azy ary ny fotoana no tsy maintsy dinihina tsara. Izany no tian'ny Eglizy ampianarana antsika amin'izao Alahady faha-8 mandavantaona izao raha milaza izy fa NY TENY LAZAINA NO AMANTARANA NY FO.

Azo lazaina fa manana anjara toerana lehibe ny TENY amin'izao isika miatrika ny Sinaody izao satria araka ny voalazantsika fa izao Sinaody izao no anasana antsika hifampitraotro. Antoky ny fahombiazan'ny Sinaody raha afaka mifampizara isika. Manambara fa teny mazava no ifampizarana tsy anatin'ny fihatsaram-belatsihy fa ao anatin'ny maha Olo Araiky satria ampiombonin'ny teny.

Ny vakiteny voalohany bokin'I Siraka dia mananatra antsika mba hahay hamolaka ny teny ataontsika, tsy maintsy manambara ny marina isika kanefa tsy maintsy jerena ny fomba, ny fotoana sy ny toerana hanambarana azy, amin'izay dia hamokatra voa tsara.

Ny evanjely manamafy fa fantatra amin'ny voany ny hazo tsara izany hoe ny vokatry ny teny ataontsika dia ohatry ny hazo mamokatra anankiray ka aoka ny fifandraisantsika mba ho fifandraisana miainga amin'ny teny ataontsika ka hanampy ireo manodidina antsika. Tsy amin'ny alalan'ny fihatsaram-belatsihy fa amin'ny alalan'ny fahamarinana sy anatin'ny fifamelan-keloka ary ny fifamindram-po. Ny manao ny marina no hendry ary ny marina no maha olona afaka antsika, hoy ny teny faneva eo anivon'ny sekoly.

Ny fahendrena dia isika manao ny marina ary ny marina avoakan'ny teny ataontsika no mahatonga antsika ho "génération mpanorina", izany no mahatonga ny bokin'ny Siràka miteny hoe "Aza midera olona alohan'ny hitenenany" izany hoe tsy fitenenana mihatsaravelatsihy fa fitenenana manambara ny marina sy ny fahendrena, tsy manao teny an-kolaka, tsy manao kobaka am-bava.

Ampianarin'ny Eglizy isika ho tahaka an'i Jesoa tsy hanao kobaka am-bava, hitandrina amin'ny teny atao. Tsy ny velirano no tadiavin'ny tenin'Andriamanitra fa ny tenintsika izay mifototra amin'ny tenin'Andriamanitra tsy miovaova omaly sy anio ary mandrakizay tahaka an'i Jesoa izay tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Nanambara i Md Paoly manamafy izany "*Fantatro ilay nametrahako ny fitokiako dia I Kristy ilay tsy mivadika mandrakizay.*"

Vokatry ny teny ao anatin'ny fahamarinana sy fitokisana izany, rehefa feno toky dia afaka manorina tokoa, manorina tontolom-piainana anjakan'ny rariny sy ny hitsiny feno fifankatiavana. Hahafahana mifananatra, mifanohintohina sy mifanohantohana. Milaza

amintsika i Jesoa “*Esory aloha ny sakamandimby amin’ny masonao, izay vao ho hitanao ny hanesorao ny sombim-bozaka amin’ny mason’ny rahalahinao.*” Aoka tsy ho ao anatin’ny fihatsaram-belatsihy fa ao anatin’ny fahamarinana tokoa no aoka hifandraisantsika ka afaka hifananatra marina isika tsy anatin’ny marimaritra iraisana fotsiny satria io matetika mitondra ny fifangaroan-javatra ka mahatonga ny korontana eo amin’ny fainantsika fa tena hifanohintohina sy hifanohantohana ao anatin’ny fahamarinana.

Raha fintinina izany rehetra izany ry Kristianina havana, aoka ny teny ataontsika ho teny avy amin’Andriamanitra na dia tsy lavorary aza isika, izany no ilàna ny fifamelan-keloka sy fifamindram- po satria mety misy teny diso fa aoka anefa ao anatin’ny fahamarinana izay mitondra fifampitokisana, ho teny voafolaka tsara. Aoka tsy ho hisy fiaraha-mitsikombakomba amin’ny ratsy sy ny tsy marina. Io no tena manimba ny fifandraisana satria mitondra amin’ny ratsy. Firaisan-kina diso satria ny firaisan-kina tsy maintsy tsara mandrakariva. Tandremo ny fausse solidarité. Fantatra fa tsy mety ny hoe noho ny henamaso dia tsy lazaina. Io no endrika tsy mety vokatry ny fihavanana ka mila diovina mba ho fihavanana mitondra amin’ny marina mandrakariva.

Araka ny lazaintsika, aoka samy vonona mandrakariva haneho ny marina, izany no ampianarin’I Md Paoly amintsika amin’ny vakiteny faharoa “*Andriamanitra nanome antsika ny fandresena, amin’ny alalan’i Jesoa Kristy Tomponsika. Koa amin’izany, ry havako malalako, aoka ianareo hiorina mafy, tsy hiova, hahefa be mandrakariva amin’ny asan’ny Tompo, fa fantattrareo fa tsy foana ao amin’ny Tompo tsy akory ny fisasaranareo.*” Tsy hoe fandresena ho entina hanjakazaka hanapotehana ny hafa fa fandresena hanambarana izay teny marina izay, ilay teny manorina tahaka ny fanorenana nataon’Andriamanitra tamin’ny niandohan’izao tontolo izao. Aoka ny teny ataontsika mba ho teny fanorenana fa tsy fanapotehana mitondra fanafintohinana, aoka ho teny fahamarinana sy manohana ny namana ny teny ataontsika fa izany no hahafahantsika hijoro ho vavolombelona araky ny lazain’i Md Papa Paoly 6 “tsy ny mpitory teny no tadiavin’izao androntsika izao fa ny vavolombelona”. Tsy teny mihatsaravelatsihy na miolakolaka na anatin’ny henamaso fa teny anatin’ny marina manambara fahendrena. Izany teny ao anatin’ny marina feno fahendrena izany no mahatonga antsika ho génération mpanorina, ho Eglisy Olona Velona manorina Eglisy Tranon’Andriamanitra. Izany tokoa no kendrentsika amin’izao ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Aoka àry ho matotra ny teny ataontsika mba hahatonga ny hafa hahafantatra ny marina, hahafantatra ny lìlan-kombana satria isika zary fahazavana sy fanilo noho ny fijoroantsika ho vavolombelona noho ny teny ataontsika.

Araka ny averimbetsika raha mijery ny zava-misy iainantsika eto amin’ny firenena amin’izao fotoana izao. Tsy ny harena no mampahantra an’i Madagasikara fa mahantongana olona marina i Madagasikara.

Masina Maria Renin’I Jesoa ampianaro izahay fa rehefa “eny” dia “eny” ny teny. Io no nahatonga nofo an’I Jesoa. Miezaka izahay amin’izao Sinaody izao mba ho tonga nofo amin’ny

fiainanay I Jesoa. Mivavahà ho anay mba ho fianakaviana “Eglizy kely” mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa iombonana ka zary ho Génération Mpanorina tokoa. Torak’izany koa Md Josefa Ray Mpairo ny Eglizy eran-tany, matoky anao izahay, mivavahà ho anay ka ny dinikay rehetra dia ho vokatry ny teny tsy misy fihatsaram-belatsihy fa kosa teny mitondra amin’ny tena fivelaran’ny mahaolona sy ny olona manontolo, teny mitady ny marina eo anivon’ny fiainanay ka hahatonga anay ho Olo Araiky, Eglizy Miara-dia miady amin’ny tsy rariny. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson